



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 30 SEPTAMBRA – 06 OKTOBRA 2015

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### VAOVAO NISONGADINA

#### HERINANDRON'NY FAMINDRAM-PAHEFANA SY NY FANDRAISAN-DRAHARAHA ANY AMIN'NY KAOMININA AN-DRENIVOHIRA

Ny nanamarika ny herinandro voalohany tamin'ny volana oktobra dia ny famindram-pahefana tany amin'ny kaominina maromaro teto amin'ny nosy. Ny tao an-drenivohitra no tena nahasarika ny haino aman-jery. Na izany aza dia afaka nandray ny toerany tao amin'ny Lapan'ny tanàna ihany ny ben'ny tanàna vaovao Lalao Ravalomanana na dia in'efatra fotsiny no nikasany haka ny toerana. Ny ekipan'i Lalao Ravalomanana dia nanao fanerena tamin'i Kolonely Joseph Ramiaramanana, lehiben'ny Delegasionan'Antananarivo teo alohany, mba hanaovany ny famindram-pahefana, na dia mbola tsy nandray ny fampahafantarana azy avy amin'ny Prefektioran'ny Polisy aza izy. Tamin'ny farany, rehefa nantsoin'ny Prefektiora ny PDS teo aloha dia naharay ny fampahafantarana ny marainan'ny 06 oktobra. Ny haino aman-jery dia nanararaotra io filazana io mba handefa teny manindrona tamin-dRavalomanana mivady. Ny fahitalavitra **VIVA** dia nilaza mihitsy hoe Lalao Ravalomanana dia lohalaharan'ny ben'ny tanàna izay manitsakitsaka ny rijan-teny manan-kery. Ny mpanao gazetin'ny **FREE FM** dia nilaza manabanty fa “ny Vadin'ny Filoha teo aloha dia vehivavy mankatoa izay mitondra ny anaran'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo fotsiny, fa ny tena marina dia ny vadiny no mandray ny fanapahan-kevitra rehetra”. Ny **TV PLUS** sy **TVM** anefa dia nampifandanja ny toe-javamisy : ny haino aman-jery voalohany dia nampahalala fa ny rijan-teny dia tena milaza fa ny famindram-pahefana dia tsy maintsy atao 15 andro aorian'ny fanambarana, fa ny haino aman-jerim-panjakana kosa dia nisafosafy fotsiny ny resaka ka nanindry ny amin'ny famindram-pahefana tany amin'ny faritra hafa.

Ny famindram-pahefana teo amin'ny PDS teo aloha ao Antsiranana sy ny ben'ny tanàna vaovao dia nizotra tamim-pilaminana. Jean Luc Djaovojozara dia naneho ny fahavononany hiara-miasa amin'ny hery velona rehetra nandritra ny fandraisany fitenenana. Ny fahitalavitra **VARATRAZA** dia nanindry manokana fa ny ben'ny tanàna vaovao dia nanala ny karavatonny miloko volomboasary, ka nanambara fa tsy manana ny toerany any amin'ny lapan'ny tanàna ny politika.

Na dia mbola tsy nandray ny asany amin'ny fomba ofisialy aza ny ben'ny tanàna ao amin'ny renivohitr'i Betsileo, ny haino aman-jery ao an-toerana, indrindra ny **RFONE (Tafa sy Dinika)**, dia mametra-panontaniana sahady hoe amin'ny amin'ny fomba ahoana no hitantanany izy sy ny ekipany ny tetibola fampandehanana ny kaominina. Miteraka firoaroan-tsaina amin'ny mpanao gazety ny fironana ara-politika an'i Lalaina Irma Juliandres, ben'ny tanàna vaovao ao Fianarantsoa.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



Ny 01 oktobra, ireo ben'ny tanàna vaovao sy ireo ben'ny tanàna teo aloha ao Toliary I sy II dia nahazo fanofanana. Ny Lehiben'ny Faritra Atsimo-Andrefana dia namaritra mazava fa ny fanofanana dia natao mba hitovian'ny famindram-pahefana rehefa nanontaniana tao amin'ny fandraisam-peon'ny **Radio SITENY** izy, ary izany ihany koa dia ho fanampiana ny ben'ny tanàna vaovao amin'ny paika arahina ara-panjakana.

Ny **Radio FMA** dia nampahalala ny mpihaino azy ny amin'ny anaovana ny fivoriana voalohany ho an'ireo mpikambana 19 ao amin'ny filankevitra monisipaly ao amin'ny Kaominina Ambonivohitr'i Toamasina. Ao anatin'ny lahadinika ny fifidianana ny filohan'ny filankevitra.

## FOTOTRY NY DISADISA

### NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA MANJAKA AMIN'NY FARITRA SASANTSASANY ETO AMIN'NY NOSY

Ny olan'ny tsy fandriampahalemana dia ivon'ny adihevitra ao amin'ny haino aman-jery. Na eto andrenivohitra na any ambanivohitra, ny mponina dia miaina anaty tahotra hatrany. Samy manana ny fandikany azy ny haino aman-jery tsirairay ary voaresaka hatrany ny ambadika politika. Ny Kaomandin'ny CIRGN ao Fianarantsoa, ny Kolonely Serge Gellé dia nampiantso valandresaka ho an'ny mpanao gazety mikasika izany. Nohenoina tao amin'ny **VIVA**, ny Kolonely Serge Gellé dia nanararaotra izany fihaonana amin'ny mpanao gazety izany mba hanaovana ny tatitra mikasika ny fandrohana ny haino aman-jery, nefa koa mba handinihana tsirairay ny fiparitahana sy fitanana basy tsy ara-dalàna. Nitatitra ny zava-pantatra arak'isa mikasika ny halatr'omby nitranga nanerana ny faritanin'i Fianarantsoa ihany koa izy, nanomboka ny fiandohan'ny taona.

Ny zava-mitranga momba ny "Foroche" dia niteraka horohoro tao amin'ny tanànan'i Mahajanga. Ny **M3TV** sy ny **VIVA TV** dia nanohana ny fisamboran'ny mpitandro ny filaminana zatovo miisa efatra. Taorian'ny famotorana, dia fantatra fa nandray anjara tamin'ny fanafihana maro izy ireo, anisany ain'izay ny nahazo ny olona ambony mpanao politika.

Tao Toliary, fanafihan-jiolahy misesisesy no nanamarika ny andron'ny 1 oktobra. Tao amin'ny faritra Andaboly, zanaky ny mpandraharaha ara-toekarena iray no maty voatifitra. Ny androtr'io ihany, dia nisy fanafihana efa nomanina tao Amboroneoky nefa tsy tontosa izany noho ny fidirana an-tsehatra nataon'ny mponina. Entina handranitana ny disadisa ary mba hanehoana ny hasarotan'ny toedraharaha, ny televiziona **SOATALILY** dia nandefa ny sarin'ny niharam-boina, ka nijery akaiky ireo bala telo izay nahavao azy. Nandritra ny fivahinianana tao amin'io haino aman-jery io ihany, ny Lehiben'ny foko dia nantana ny Fanjakana mba handray fepetra manoloana ny fanafihana mitampadiana misesisesy izay tsy mitsahatra ny manapoizina ny fiainana andavanandron'ny mponin'ny Tanànan'ny Masoandro.

## FILAZA TSY MENDRIKA

Ny mpikambana ao amin'ny Mpanatanteraka dia mbola lasibatry ny mpanao gazety sy ny mpihaino ihany. Nisy mpiditra mivantana iray tao amin'ny **Radio ANTSIVA** nilaza tsy amim-pihambahambana fa « ny Fanjakana dia tsy inona fa mpisolelaka izay mambotry ny madinika ary mamela ny mpanan-

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



karena hihamanana hatrany ». Manoloana izany filaza izany, dia tsy naneho ny heviny ny mpanao gazety.

Ankoatr'izany, ny minisitry ny Filaminam-bahoaka dia lasibatry ny fiteny mahery nataon'ny mpanao gazetin'ny **FREE FM**. Ary noraisiny ho mpandainga satria « *raha andro maromaro teo aloha, izy dia niseho ho vonona hiady tanteraka amin'ny kolikoly eo anivon'ny firaisan-draharahan'ny polisy, fantatra nefa fa ny fiantsoana azy ho amin'ny fifaninanana hidirana ao amin'ny Sekolim-pirenena fanofanana ho Polisy, dia tsy inona fa hevi-petsy mba hampidirana ny zanany ao amin'ny zotram-piofanana ho kaomisera, nefa izy dia tsy manana afa-tsy Baka +2* ».

### Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)

Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrazaka@eces.eu](mailto:mirana.razafindrazaka@eces.eu)

Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

